

Ahoana no hahazoana izany tolotr' Andriamanitra izany?

Mihaino:

“Atongilano ny sofinareo, ka mankanesa aty amiko, mihainoa, dia ho velombelona ny fanahinareo” (Isaia 55. 3).

Mibebaka:

“Koa mibebaha ianareo, ka miverena hamonoana ny fahotanareo” (Asan'ny Apostoly 3. 19).

Mino:

“Minoa an'i Jesosy Tompo, dia hovonjena ianao” (Asan'ny Apostoly 16. 31).

“Izay rehetra mino fa Jesosy no Kristy dia naterak'Andriamanitra” (1 Jaona 5. 1).

Mahazo antoka fa voavonjy sy afaka

“Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo” (1 Jaona 5. 13).

“Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay, ka tsy hohelohina; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy” (Jaona 5. 24).

Ny tsara indrindra izany no atolotr'Andriamanitra anao, koa aza lavina.

Ny mifanohitra amin'izany aza, ekeo ao am-ponao i Jesosy ho Tomponao sy Mpamonjy anao manokana.

Jesosy no fanomezana lehibe atolotr'Andriamanitra anao!

Bibliothèque chrétienne Madagascar

email : bibliothequechretienne@gmail.com

Antananarivo – Tél.: 033 15 552 35

Librairie Ny Mpamafy – Tél.: 034 14 552 35

Antsirabe – Tél.: 033 16 552 35

Tölagnaro – Tél.: 033 21 236 44

Toamasina – Tél.: 033 06 655 30



French title : « Dieu vous offre le meilleur » - Front

29.05.13 16:25

Atolotr'Andriamanitra anao...

Mpamonjy iray

“Fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio..., dia Kristy Tompo” (Lioka 2. 11).

“Jesosy Kristy... natsangan'Andriamanitra tamin'ny maty... ary tsy misy famonjena amin'ny hafa ; fa tsy misy anarana hafa ambanin'ny lanitra nomena ny olona, izay hahazoantsika famonjena” (Asan'ny Apostoly 4. 10-12).

“Mahatoky ka tokony hekena amin'ny fankasitrahana rehetra izao teny izao : tonga tetỳ ambonin'ny tany Kristy Jesosy hamonjy ny mpanota” (1 Timoty 1. 15).

Ny famelan-keloka

“Ary aoka ho fantatrarao, ry rahalahy, fa izany Lehilahy izany (Jesosy Kristy Tompo) no itoriana

famelan-keloka aminareo ; ary ao aminy no anamarinana izay rehetra mino” (Asan'ny Apostoly 13. 38, 39).

“Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina lzy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra” (1 Jaona 1. 9).

Ny fahazoana antoka fa ho voaray tsara

Hoy Jesosy Kristy amintsika : “Izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy” (Jaona 6. 37).

Ny fiainana mandrakizay

“Fiainana mandrakizay no omen'Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany. Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana ; izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no tsy manana ny fiainana” (1 Jaona 5. 11-12).

Ny fitsaharan'ny fo

“Mankanesa atỳ amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana” (Matio 11. 28).

Torohevitra sy anatra

“Hanome saina anao sy hampianatra anao izay lalan-kalehanao Aho; hitsinjo anao ny masoko ka hanolo-tsaina anao Aho” (Salamo 32. 8).

Ny voninahitra mandrakizay

“Andriamanitra efa” ... niantso “anareo tamin'ny filazantsaranay hahazoanareo ny voninahitr'i Jesosy Kristy Tompontosika” (2 Tesaloniana 2. 13-14).

“Ary Andriamanitry ny fahasoavana rehetra... efa niantso anareo ho any amin'ny voninahiny mandrakizay ao amin'i Kristy” (1 Petera 5. 10).

Trano any an-danitra

“Aza malahelo ny fonareo ; minoa an'Andriamanitra, ary minoa Ahy koa. Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro ; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho ; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa” (Jaona 14. 1-3).